
Lesona 6 hatao ny 8
Aogositra, 2026
NY FANOMEZAM-
PAHASOAVANA


“Miezaha mitady ny fitiavana,
nefa maniria fatratra ny
zava-panahy koa, indrindra
fa ny haminany”
(1 Korintiana 14:1)

Hita mazava tokoa fa mizarazara momba ny zavatra samy hafa ny fiangonana tao Korinto. Tsy mitovy hevitra momba ny mpitory teny izy; momba ny fihinanana; momba ny fanambadiana sy ny fitoerana ho tokan-tena; ary ny momba ny fanomezam-pahasoavana izay tokony homem-boninahitra kokoa.

Rehefa avy namaly ny olana voalohany i Paoly, dia asehony ny ahatonga ny fanomezam-pahasoavana, izay toa olana ho lasa fomba mitondra ho amin'ny firaisana (1 Kor. 12-14).

Inona no fanomezam-pahasoavana tsara indrindra? Tsy misy! Nahoana?





**Ny fanomezam-pahasoavana:**

- Fanomezana maro, Mpanome iray.
- Ratsam-batana maro, tena iray.

**Ny singa mampiray:**

- Ny fahatanterahan'ny fitiavana.

**Fanomezana manokana:**


- Ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny.
- Ny fanomezam-pahasoavan'ny faminanian

# NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA



# FANOMEZANA MARO, MPANOME IRAY

"Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany"
(1 Korintiana 12:4)



**Iza no manome ny fanomezam-pahasoavana? (1 Kor. 12:4-6)**

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 1 Kor. 12:4 | zarazaraina ho samy hafa ny | fanomezana | nefa iray ihany ny | Fanahy |
| 1 Kor.12:5 | | fanompoana | | Tompo |
| 1 Kor.12:6 | | asa | | Andriamanitra |

Fanomezam-pahasoavana

Ny Mpanome

**Mba ahatakarantsika ny fifandraisana misy eo amin'ny fanomezam-pahasoavana sy ny Mpanome, dia mampiasa voambolana telo i Paoly hamaritana azy ireo, sy hampisongadinana ny mahasamihafa azy: fanomezana; fanompoana; ary asa.**



**Nefa, iray ihany ny Mpanome: Ny Fanahy [Masina]; ny Tompo [Jesosy]; ary Andriamanitra [Ray]. Izany dia mba hilazana: miara-miasa Andriamanitra telo Izay Iray (Jaona 14:16).**





**Fa tsy nomen'Andriamanitra toy ny fanomen'ireo "andriamanitra" Grika-Romana ireo fanomezana ireo (1 Kor. 12:2). Tsy misy firehadrehatana, na fifidianana araky ny ambaratonga misy ny mpandray ny fanomezana (toy ny, vehivavy mpanompo ao amin'ny tempoly ohatra).**

# FANOMEZANA MARO, MPANOME IRAY

"Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany"
(1 Korintiana 12:4)

Nahoana Andriamanitra no nanome fanomezam-pahasoavana samihafa ho an'olona samy hafa? (1 Kor. 12:7) Natao "hahasoa" ny fiangonana ny Fanomezam-pahasoavana. Andriamanitra irery ihany no mahalala izay olona afaka mampiasa fanomezana manokana iray ho fanatrarana izany tanjona izany.



**Inona ny ohatra omen'i Paoly, amin'ireo fanomezana maro izay misy? (1 Kor. 12:8-10; Rom. 12:6-8; Efes. 4:11-12)**

| 1 Korintiana 12:8-10 | Romana 12:6-8 | Efesiana 4:11-12 |
|---|---|---|
| Teny fahendrena | Fanompoana | Apostoly |
| Teny fahalalana | Fampianarana | Evanjelista |
| Finoana | Fananarana | Mpiandry sy mpampianatra ambony |
| Fahasalamana | Fahalalan-tanana | |
| Manao fahagagana | Fitarihana | |
| Faminaniana | Famindram-po | |
| Fahafantarana fanahy samy hafa | | |
| Fiteny | | |
| Fandikan-teny | | |

# RATSAM-BATANA MARO, TENA IRAY

"Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy." (1 Korintiana 12:12)



**Andriamanitra dia iray, fa samy manana ny anjara asany ireo Persona telo amin'Andriamanitra telo izay iray. Toy izany koa, iray ihany ny fiangonana, fa samy manana ny anjara asany toy ny tenan'i Kristy eto an-tany ireo mambra ao aminy (1 Kor. 12:12-13).**

**Mampiasa fanoharana amin'ny fiangonana ho toy ny ratsam-batana i Paoly hansongadinana ny firaisana ao anaty fahasamihafana. Ny maso no manana ny "fanomezan'" ny fahitana, fa tsy ny sofina. Nefa, dia mifameno izy roa amin'ny fiarahana miasa. Toy izany koa, ao am-piangonana, ny olona tsirairay dia samy manana ny anjara asany araka ny fanomezana noraisiny (1 Korintiana 12:28-30).**





**Noho izany, dia ilaina ny olona rehetra; fa tsy misy ambony noho ny hafa; fa samy mihevitra izay mahasoa ny hafa ny tsirairay; ary koa samy hiasa ho amin'ny fampiraisana ny fiangonana (1 Kor. 12:15-27).**



# NY SINGA MAMPIRAY



# NY FAHATANTERAHAN'NY FITIAVANA

"Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay lalana tsara indrindra no atoroko anareo." (1 Korintiana 12:31)




Tsy fanomezana ny fitiavana, fa "làlana tsara indrindra" (1 Korintiana 12:31). Vokatry ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainan'ny mpino ny fitiavana (Galatiana 5:22). Amin'ny fitiavana ihany no ahafahana mampiasa tsara ny fanomezam-pahasoavana.

Raha tsy misy fitiavana, dia toy ny "varahina maneno sy kipantsona mikarantsana" ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny. Tsinotsinona ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, ny teny fahalalana, ary ny finoana, raha tsy misy fitiavana. Zava-poana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalan-tanana sy ny fanoloran-tena ho martiora, raha tsy misy fitiavana (1 Kor. 13:1-3).

Manome tari-dalana tsara ny amin'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ny 1 Korintiana 13:4-7:

| Ny fitiavana dia | Ny fitiavana DIA TSY |
|---|---|
| Mahari-po | Tsy mialona |
| Mora fanahy | Tsy mirehareha |
| Mifaly amin'ny fahamarinana | Tsy mieboebo |
| Mandefitra ny zavatra rehetra | Tsy masiaka |
| Mino ny zavatra rehetra | Tsy tia tena |
| Manantena ny zavatra rehetra | Tsy mora sosotra |
| Maharitra ny zavatra rehetra | Tsy manao otripo |
| | Tsy mifaly amin'ny ratsy |

# FANOMEZAN A MANOKANA



# NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FITENY

“Koa aoka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra hangataka mba hahay mandika teny koa.” (1 Korintiana 14:13)


Ny fanamafisan'i Paoly ny amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny sy ny fampiasana azy tsara dia maneho fa tsy araka ny tokony ho izy no nampiasan'ireo mambra tao amin'ny fiangonana tao Korinto azy, ka niteraka korontana sy safotofoto nandritra ny fanompoam-pivavahana (1 Kor. 14:23).

Ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny dia ny fahaizana miteny fitenin'ny olona na an'ny anjely izay tsy fantatry ny hafa (1 Kor. 13:1). Rehefa tsy hain'ny mpihaino ilay fiteny, dia ilaina ny fandikan-teny (Asa 2:8; 1 Kor. 14:2, 13-14, 27-28).

Hafa ny fandraisan'ireo izay mihevitra fa tokony hanana io fanomezam-pahasoavana io avokoa isika rehetra, noho ny fanirian'i Paoly fa tokony hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny rehetra (1 Kor. 14:5).



Raha ny marina, dia mahafaoka ny fanomezam-pahasoavana rehetra io faniriana io (1 Kor. 14:1). Efa nataon'i Paoly mazava tsara fa “izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa” (1 Kor. 12:7). Noho izany, tsy mitovy ny fanomezam-pahasoavana raisin'ny tsirairay.



# NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FAMINANIANA


"fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana" (1 Korintiana 14:3)



Tsy tokony ho ferantsika amin'ny fahalalana mialoha ny ho avy ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana. Ny fampiasana voalohan'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana dia ho fampandrosoana, ho famporisihana ary ho fampiononana (1 Kor. 14:3).

Asongandin'i Paoly mihoatra noho ny hafa io fanomezam-pahasoavana io (1 Kor. 14:1, 4, 22-25). Nefa koa mamporisika izy ny hampiasana azy araka ny tokony ho izy mba tsy hiteraka savorovoro: "kanefa aoka ny zavatra rehetra hatao amin'ny fahamendrehana sy ny filaminana" (1 Kor. 14:40; jereo 1 Kor. 14:29-33).





Amin'ny maha fanomezam-pahasoavana mampiavaka ny Fiangonana sisa azy, dia niseho teo amin'ny fiainana sy asan'i Ellen G. White izany (Apok. 12:17; 19:10). Ahoana anefa no hahafantarantsika ny mpaminany marina?



Tanteraka ny zavatra ho avy ambarany — raha tsy misy fepetra (Deo. 18:22; Jer. 28:8-9; Jona 4:2)



Mifanaraka amin'ny an'ireo mpaminany talohany ny hafatra entiny (Deo. 13:1-3; Isa. 8:20)



Hita taratra eo amin'ny fiainany ny fanolorany tena ho an'i Jesosy (1 Jaona 4:1-3)



Mifanaraka amin'ny hafatra ara-Baiboly entiny ny fiainany (Mat. 7:15-20)

“Ao anatin'ny fandaminan'Andriamanitra rehetra, dia tsy misy zavatra tsara indrindra mihoatra noho ny drafitra izay hanomezana fanomezam-pahasoavana samihafa ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny fiangonana no sahan'Andriamanitra izay voaravaka karazana hazo, zavamaniry ary voninkazo maro samihafa. Tsy miandrandra ny hysopa haniry hitovy habe amin'ny hazo sedera Izy, na ny hazo oliva hahatratra ny haavon'ny hazo rofia lehibe sy mijoalajoala. Maro no tsy nahazo afa-tsy fampianarana ara-pivavahana sy ara-tsaina voafetra ihany, kanefa manana asa hotanterahin'ireny olona ireny Andriamanitra, raha toa ka miasa amim-panetren-tena sy matoky Azy izy ireo...

Fanomezam-pahasoavana samihafa no omena olona samihafa, mba hahatsapan'ny mpiasa fa mifampila izy ireo. Nomen'Andriamanitra izy ireo mba hampiasaina amin'ny fanompoana Azy; fa tsy hanomezana voninahitra ilay manana azy, na koa hanandratana ny olombelona, fa mba hanandratana ny Mpanavotra an'izao tontolo izao. Natao hampiasaina hahasoa ny olombelona rehetra sy hanehoana ny fahamarinana izy ireny, fa tsy ho vavolombelon'ny lainga.

EGW (Ye Shall Receive Power, 1 Jolay)